## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 20/06/20 hatramin'ny 27/06/2020**

**- ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
**- MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
**- OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
**- METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
**- ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 1034-06-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA)

# Vola maherin'ny 3 miliara Ar ho laniana amin'ny solika

Mihoa-pampana ny vola natokana ho an'ny solika ao amin'ny fiadidiana ny tanan'Antananarivo (CUA). Araka ny tetibola izay vao nolanian'ny mpanolotsain' ny tanàna ny alatsinainy lasa teo dia mahatratra hatrany amin'ny 3 miliara sy 250 tapitrisa Ar ny vola natokana ho an'ny resaka solika fotsiny ao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo. Raha 2 900 000 000 Ariary izany tamin'ny tetibola nolaniana volana vitsy lasa izay dia lasa io 3 250 000 000 Ariary io izany ankehitriny, ao anatin'ny teti-bola fanampiny izay naroson'ny mpanatanteraka holanian'iero mpanolotsaina. Ao aorian'ny tetibola natokana ho an'ny mpiasa dia ity tetibola natokana ho an'ny solika ity no mitana ny ampahany be indrindra amin'ny tetibolan'ny kaomina Antananarivo Renivohitra.

Nampidirina tao anatin'ny tetibola ho an'ny solika io tokoa ny ampahany betsaka tamin'ny ambimbola navelan'ny ben'ny tanàna teo aloha Lalao Ravalomanana sy ny ekipany, tao amin'ny kitapom-bolan'ny kaomina Antananarivo Renivohitra. Nohon' ny fahaiza-mitantana sy ny fahadiovam-pitantanana nisy nadritra ny fitondran'i Lalao Ravalomanana sy ny ekipany ny tanànan'Antananarivo dia nisy vola 1 miliara Ar mahery novantanin'ny ekipan'ny ben'ny tanàna ankehitriny, ka izao nampidirina anatin'ny tetibola ho ampiasain'ny tanàna ankehitriny izao.

Zara raha nahazo anjara tamin'io vola napetraky ny ben'ny tanàna teo aloha Lalao Ravalomanana io ny lafiny sosialy, sy izay tena ilain'ny mponina mivantana. Nampiana 100 000 000 Ariary ohatra ny tetibola entina mikojakoja ny trano sy ny fotodrafitr'asan'ny kaomina.

Hatreto aloha dia tsy hita taratra ao anatin'ny tetibolan'ny kaomina Antananarivo Renivohitra ny sorabola izay entina hanatanterahana ireo fampanantenana maro be izay nataon'ny ben'ny tanàna ankehitriny toy ny fanamboarana toerana fiantsonan'ny fiarakodia sy ny toeram-pivoahana ho an' ny daholobe. Mbola lasa any amin'ny fandaniana amin'ny zavatra tsy miantraika mivantana any amin'ny dahalobe ny sorabola rehetra. Zara raha mahatratra eo amin'ny 450 000 000 Ariary no voatokana ho an'ny resaka fahasalamana sy ny fiahiana ny sosialin'ny mponina ao anatin'ity tetibolan'ny kaomina Antananarivo Renivohitra ity.

Mba hoentina hampandaniana mora ity tetibola ity dia nataon'ireo mpitondra ny tanàna latsabato miafina ny fandaniana azy. Raha ohatra ka ny fifidianana olona ihany teo aloha no natao latsa-bato miafina toy izany dia nandray fanapahan-kevitra ny birao maharitry ny mpanolotsain'ny tanàna sy ireo mpanolotsaina IRK fa ho atao latsabato miafina ny fandaniana ity tetibola fanampiny ity tamin'ny alatsinainy lasa teo.

***VGA***

Antenimierandoholona

# Nolanian'ireo senatera ny tatitra ara-bola 2019



***Fivoriana tetsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely.***

Nolaniana tamin'ity herinandro ity, tamin'ny fivoriana azon'ny besinimaro natrehina, tao amin'ny lapa Maitso Anosikely, ny tatitra ara-bolan'ny Antenimierandoholona tamin'ny taona 2019. Nandritra ny tatitra nandritra ny asam-baomiera no nambarana fa nitentina 33 623 000 000 Ariary ny tetibolan'ny Antenimierandoholona tamin'ny taona 2019 araka ny « Loi des Finances Initiales », nitentina 22 091 333 000 Ariary kosa izany tamin'ny Loi des Finances Rectificatives » 2019. Ny « crédit final » dia mitentina 22 705 677 000 Ariary , ny vola efa nampiasaina dia mitentina 21 924 919 714,00, ka ny« crédit sans emploi » dia lasa nitentina 780 757286,00.


Ny« crédit sans emploi » dia ireo vola tsy nampiasaina mihitsy ary tsy azo ampiasaina intsony aorian'ny « clôture de gestion » fa lasa « zéro budgéting ». Ny fandaniana io tatitra ara-bola io no natao dia mba hahazoana "quitus". Marihina fa ilay tolo-dalàna laharana faha 001/2019 manova sy mameno ny andininy sasantsasany ny hitsivolana laharana faha 60-064 tamin'ny 22 jolay 1960 mikasika ny fehezan-dalàna momba ny « nationalité » malagasy, izay natolotry ny Loholona ABDIRASSOUL Mohamed Mourad, Kestora Voalohan'ny Antenimierandoholona sy ny Loholona RAKOTOMANANA Honoré » dia notapahin'ireo Loholon'i Madagasikara, fa haverina hodinihina amin'ny asam-baomiera itambarambe, harahina fandaniana amin'nyfivoriana azon'ny besinimaro hatrehina ny alarobia 01 jolay 2020 tolakandro, noho ny mahazava-dehibe an'ity tolo-dalàna ity.

***Niaina***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 314**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0313)

***Mitsivalana***
- Sambotra
- If – Ror(a)
- Aina
- Rambo – Zo
- Ambony
- Mololo (miv)
- Anay - Asa

***Mitsangana***
- Sitrana
- Fa (miv) – Ma (miv)
- Amboa
- Baiboly
- Nono
- Tra – Ila
- Ro – (N)os(y)
- Amboara (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 314




**Mitsivalana**

**1.** Fikambanana **2.** Tovona (miv) – Ino **3.** Hidin-trano **4.** Sarobahana – Androany (miv) **5.** Nasondrotra **6.** Andro (BL) – Mitazona (miv) **7.** Simba, masiso – Fanitarana – Isa Romana **8.** Tanalahy (miv) – Nitady (BR) **9.** Matoanareo **10.** Arovana – Solfa

**Mitsangana**

**A.** Mpiara-monina **B.** Vato fosy **D.** Niparitaka – Tra-tehaka **E.** Mamarana ny vavaka – Onona (miv) **F.** Fara sy dimby **G.** Tsofoka – Fanampin'anarana (BR) **H.** Tanterahanay – Faranteny **I.** Notsikeraina **J.** Nandray (miv) – Sahala (miv) **K.** Fitafiana (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0313

**Mitsivalana**

**1.** Maimbo - Mey (miv) **2.** Iroa (miv) - Avana (miv) **3.** (S)ek(y) - Non(o) **4.** Solafaka **5.** Re - Ravo - Ma (miv) **6.** Manoto **7.** Tiana - Vy **8.** Rakitra **9.** Ray - Atrika **10.** Rary (miv) - Niray (miv)

**Mitsangana**

**A** Maneritery **B.** Ao - Ar **D.** Sery (miv) - Maria **E.** Mikorana **F.** Lanaka **G.** (V)oalavo - Ity **H.** Fototra **I.** Anay (miv) - Rir(inina) **J.** Evoka - Vaky **K.** Manampy - AN